



INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



FAMINTINANA IREO VAOVAO NISONGADINA NANDRITRA NY HERINANDRO TETO ANTANANARIVO SY TANY AMIN'NY FARITRA 1 – 7 APRILY 2016

Ity tatitra ity dia famintinana amin'ny teny malagasy ireo tsara homarihina mikasika ny fomba iresahan'ireo mpanao gazety any amin'ny faritra ireo vaovao nanamarika ny herinandro. Natao indrindra izany mba hahafahana mamantatra raha anisan'ireo izay mikendry ny fametrahana ny fampihavanana na kosa amin'ireo izay mandrangitra fikorontanana ny mpanao gazety, ka amin'ny alalan'ny fomba fiteniny sy ny fomba fiasany no amaritana izany. Ity tatitra ity ihany koa dia manampy amin'ny fanarahana akaiky ireo endrika korontana samihafa manerana ny Nosy taterin'ny haino vaky jery.

MATOAM-BAOVAO

VAKY NY ADY EO AMIN'ANDRIAMATOA RIVO RAKOTOVAO SY MARC RAVALOMANANA

Araka ny fanapahan-kevitra ny fitondram-panjakana dia hafindra etsy amin'ny tany malalaka akaikin'ny kianjan'ny Makis ny toby fiantsonan'ny fiara etsy amin'ny Fasan'ny karàna. Niteraka tsy fifankahazoana eo amin'ny minisitra misahana ny Tetik'asan'ny Filohampirenena, Andriamatoa Rivo Rakotovoao sy ny Filohampirenena teo aloha Andriamatoa Marc Ravalomanana izany fanapahan-kevitra izany. Nanambara mantsy ity farany fa azy io tany io.

*Tsy nitsitsy fitenenana Marc Ravalomanana raha nanontanian'ny mpanao gazetin'ny **FREE FM** ka nanambara fa mpanakorontana sy mpanapatra fahefana ny minisitra Rivo Rakotovoao. Mihamafana hatrany ny fifandraisana eo amin'ny roa tonta hoy ny mpanao gazety ary toa manao izay fomba rehetra hankahalan'ny vahoaka ny fitondrana ankehitriny mihitsy ny minisitra. Nanamafy ihany koa ny Filoha teo aloha fa mbola hiady hatrany hamerenana ny fananany. Nitatitra ny fidinan'ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana teny Andohatapenaka kosa ny **RADIO ANTSIVA**. Tamin'izany no nanakianany mafy ny minisitra Rivo Rakotovoao sy ny mpanolo-tsaina tekinikany, Narson Rafidimanana. Nolazainy fa mamono ny orinasa malagasy ry zareo, satria nokasainy hananganana ny Tiko Agri ity toerana ity. Mba hisian'ny tsy fiandaniana dia heno tao amin'ity onjam-peo ity ihany koa ny fanehoan-kevitra'Andriamatoa Rivo Rakotovoao. Ny mahagaga, hoy mpanao gazety Michel Ralibera ao amin'ny **fandaharana "Sehatra ho an'ny Mpihaino"**, dia ny mbola tsy nitenen'ity Filoha teo aloha ity tamin'ireo minisitra roa avy amin'ny antoko **TIM** hametra-pialana. Ireo mpihaino niditra mivantana kosa dia nampahatsiahy "ny fibodoan'i Marc Ravalomanana ny tanin'ny tantsaha tamin'ny fotoana naha teo amin'ny fitondrana azy". Ny sasany kosa nilaza fa mody miady ireo. Nanipika kosa ny solombavambahoaka voafidy tany Betroka fa diso olona Andriamatoa Marc Ravalomanana, fa tokony ny Filohan'ny Tetezamita teo aloha Andry Rajoelina no angatahany fanazavana.*

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



Ilaozan'ny filoha mpanorina ny antoko TIM miady amin'ny olona rehetra fotsiny, hoy kosa ny **KOLO TV**, satria dia tsy mifanaraka amin'i Mamy Rakotoarivelo ihany kosa izy. “Manjaka ny fibodoana tanin'olona”, hoy kosa ireo mpihaino niditra mivantana tao amin'ny **fanaharana “Demokrasia Mivantana”** tao amin'ny **RADIO PLUS**. Nomarihan'izy ireo fa mihavitsy ireo mpandraharaha malagasy fa ny vahiny avokoa no mahazo ny tany eto. “Mihevitra ny tenany ho mpanjaka ny minisi-panjakana ka manao izay tiany hatao”, rah any fijerin'ny mpihaino iray. Efa maro izay fanakianana azon'ny minisitry Rivo Rakotovao izay, hoy kosa ny **VIVA TV**. Nifantoka betsaka tamin'ny fanambaran'i Marc Ravalomanana ny mpanao gazety, “Tsy misy andro izay tsy ahenoaana na ahitana amin'ny haino vaky jery malagasy ny zavatra tsy mety ataon'ity fitondrana ity”, hoy izy, “tokony mba hihaino ny hevitra ny vahoaka ny mpitondra.” Tao amin'ny **TVM** kosa no nanehoan'i Rivo Rakotovao ireo antontan-taratasy manamarina fa tanim-panjakana ity mampifanolana azy amin'i Marc Ravalomanana ity. Tamin'izany no nanazavany ny amin'ny fomba niverenan'io tany io tamin'ny fanjakana. Naka ny hevitra ny andaniny sy ankilany kosa ny **MA-TV**. Teo ny fanambaran'ilay Filoha teo aloha, fa teo ihany koa ny fanazavana nomen'ny Minisi-panjakana nanoloana ny mpanao gazety.

POLITIKA ANATINY

FANOVANA MPIKAMBANA EO ANIVON'NY GOVERNEMANTA

Ambetin-dresaky ny haino vaky jery ny amin'ny mety hanovana ny mpikambana ao amin'ny governemanta taorian'ny fanambarana nataon'ny Filoha Hery Rajaonarimampianina fa mety hisy izany. Maro ireo kihana nahazo ny governemanta Ravelonarivo. “Ho avy toy ny mpangalatra izany fanovana governemanta izany”, hoy ny Filoha Hery Rajaonarimampianina. Samy nanana ny fomba fandikany izany fanambarana izany ny mpanao gazety.

Nanomboka ny zava-hitranga amin'ny fotoana ho avy eo i Lalatiana Rakotondrazafy, tao anatin'ny **fanaharana “Anao ny Fitenenana”** tao amin'ny **FREE FM**. Tokony hiezaka hanarina ireo orinasam-panjakana izay lehiben'ny governemanta ho avy eo. Tokony ho mpandraharaha ary efa niaina tao anatin'izany sehatra izany, ary tokony tsy hiova intsony mandrapahatongan'ny 2018. Nokianiny ihany koa ny tsy fitsoran'ny Filohampirenena ny marina fa “ilaozany manodikodin-dresaka fotsiny”. Notsindriany, ankoatr'izay, fa tokony efa miomana amin'izany fanovana governemanta izany ny vahoaka sy ireo minisitry amperin'asa.

Manoloana izany rehetra izany dia nanamafy ny Praiminisitry Jean Ravelonarivo fa ny lalàm-panorenana no nametraka azy teo amin'ny toerany ka io ihany no manaisotra azy. Nambarany ihany koa fa mifanaraka tsara izy sy ny Filohampirenena. Izany moa dia araky ny tatitry ny **TV PLUS**, raha nihaona tamin'ny Ambasadaorin'ny Frantsa monina sy miasa eto amintsika ny mpanao gazetiny. Tsy mahay ny asany ny Filohampirenena, hoy kosa ny

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



VIVA TV. *Tamin'izany no nilazan'ity fahitalavitra ity ireo “antony tsy asahian'i Hery Rajaonarimampianina manala ny Praiminisitra amin'ny toerany”. Tsy azo ihodivirana ny fanovana ny governemanta, raha ny tombana nataon'ny MA-TV. Mivory handinihana ireo izay hatolotra ho solon'I Ravelonarivo mantsy ireo solombavambahoaka ankehitriny. Efa misy ireo anarana voatonona, toa ny Jeneraly Didier Paza, izay Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandariamiam-pirenena ankehitriny, eo ihany koa i Paraina Auguste, Ambasadaorin'i Madagasikara any Senegaly. Ny RNM koa dia nampita ny filazan'Andriamatoa Jean Ravelonarivo fa manga ny lanitra eo aminy sy ny Filohampirenena.*

TOE-KARENA SY SOSIALY

FIHETSIKETSEHANA NOTANTERAHAN'NY MPONINA SY NY MPITATITRA TENY ANDOHANIMANDROSEZA

Nitokona ny mpitatitra misahana ny zotra mankeny Ambohipo sy ny mponina eny an-toerana ny zoma 1 aprily lasa teo. Antony dia ny faharatsian'ny lalana amin'iny toerana iny. Nitaky ny fanarenana ny lalana faran'izay haingana ry zareo. Naniraka olona nijery ny toe-draharaha àry ny ministeran'ny Asa vaventy, sy ny ministera Miandraikitra ny Tetik'asan'ny Filohampirenena (MEPATE). Nanambara ity farany fa afaka roa andro dia hanomboka ny asa.

*Nanadihady mpitatitra sy tompon'andraikitra avy ao amin'ny MEPATE ny **RADIO ANTSIVA.** Nitaraina ny amin'ny faharatsian-dàlana ilay voalohany, raha nanipika kosa ilay farany fa ny fanorenana trano tsy ara-dalàna no anisan'ny manimba ny lalana. Niaro tena kosa ny minisitry ny Asa Vaventy ka nanindry fa tsy nahafahana nanamboatra ny lalana nandritra ny vanim-potoanan'ny orana ny fihotsahan'ny tany. Nanolo-kevitra ho an'ny minisitry ny Asa vateny i Lalatiana Rakotondrazafy tao amin'ny **fandaharana “Anao ny Fitenenana”, FREE FM,** ka nilaza fa tokony hatao “béton” ny lalana. Ankoatr'izay dia nanambara ity Mpanolo-tsain'ny kaominina Antananarivo Renivohitra ity fa manomboka miforona etsy sy eroa ny fihetsiketsehana samihafa hatramin'ny fanamarihana ny 29 Martsa 1947, izany moa dia noho ny tsy fahombiazan'ny mpitondra. Tena ilaina ny fanovana ny governemanta hoy Ramatoa Lalatiana Rakotondrazafy. Miankina betsaka amin'ny fiverenan'ny fahatokisan'ny vahoaka ny Lehiben'ny Governemanta sy ny Filohampirenena ny fanarenana ny toe-karena sy ny lafiny sosialy. Nitatitra ny zava-nisy teny Ambohipo ihany koa ny **RADIO PLUS.** Nosakanan'ireo mpitokona, hoy izy, ny lalana mihazo an'Ambohipo, ora vitsy taorian'izay moa dia tonga ireo teknisianina, tamin'ny folo ora maraina ka nilamina ny raharaha.*

*Ny fanazavana nomen'ny teknisianin'ny MEPATE no nifantohan'ny **TVM.** Tamin'izany no nanoritany fa tsy afaka mitsika amin'ny tany ny rano noho ireo fanorenana tsy ara-dalàna,*

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



hany ka mikoriana mihazo ny arabe. Tsy mahazaka izany rano-be izany ny tara, hoy izy nanohy. Mifamahofaho be ihany ny raharaha, hoy VIVA TV. Andaniny, milaza ny avy ao amin'ny ministera misahana ny Tetik'asan'ny Filohampirenena fa nisy ny tsy fandraisana andraikitra avy amin'ny minisiteran'ny Asa Vaventy, tao ankilany ny ao amin'ny Kaominina miteny fa ny fanatsarana ny fiainan'ny mponina no tsinjoviny. Nilanja sora-baventy ireo mpitokona, hoy TV PLUS. Mangataka ny fampitsaharana ny fandravana ireo trano manamorona ilay lalana harenina ry zareo. Tonga nanazava ny ho fizotry ny asa teny antoerana moa i Jacques Razafindraibe, delegen'ny Boriboritany faharoa, ka tamin'izany no nanomezany toky fa tsy hisy ny fandravana raha tsy vita ny famolavolana ny drafitra fanarenana ny boriboritany.

TONGA AN-TANINDRAZANA IREO ANDRAMENA TRATRA TATSY MAORISY

Araka ny angom-baovao nataon'ny RMA, RNA, TVMT, ary FMA ny 1 aprily, dia tonga soa aman-tsara eto an-tanindrazana ireo andramena tratra tatsy amin'ny nosy Maorisy, tamin'ny taona 2011. Nisy ireo mpikambana ao amin'ny governemanta Ravelonarivo izay nihazo ny renivohitr'i Betsimisaraka nandray ireo hazo sarobidy ireo. Nilaza ny minisitry ny Vola sy ny Teti-bola, Gervais Rakotoarimanana, fa miandry ny tombana ataon'ny CITES vao azo ahetsika na afindra ireo andramena ireo. Nanamafy ny ezaka ataon'ny fanjakana amin'ny ady atao amin'ny fanondranana an-tsokosoko ny harem-pirenena kosa ny minisitry ny Tontolo iainana, Beboarimisa Ralava.

FOTOTRY NY DISADISA

Mafanafana ny toe-draharaha any Fianarantsoa. Mifanolana amina ady tany ny mponina ao Ambohimalaza sy ny tompon'ny orinasa mpanodina divay Clos Malaza, ao amin'ny kaominina ambanivohitra Andoharanomaitso. Naka ny hevitra ny roa tonta ny TNTV raha nampita ity tsy fifankahazoana ity. Nisy tany nalain'ily orinasa an-keriny raha ny fitarainan'ireo mponina. Ny filazan'ny HAFARI Malagasy fa tsy nampilazaina ry zareo tamin'ny namefena ilay tany no nahatonga izao disadisa izao. Nanamarina kosa Andriamatoa Mac Ho Chan Adrien, tompon'ny orinasa fa novidiny tamin-dry Maopera io tany io, ary efa novoleny hazo ny manodidina izany mba hahafahany mamaritra azy. Afaka manamarina izany, hoy izy, ny Lehiben'ny Faritra Matsiatra Ambony teo aloha, Hanta Rabetaliana.

Responsables de l'Unité de Monitoring des Médias :

Tiaray RANDRIAMALALA: tiaray.randriamalala@eces.eu

Mirana RAZAFINDRAZAKA: mirana.razafindrazaka@eces.eu

Site web: www.incipals.eu

Leader du Consortium

Membres du Consortium

